Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Mbola mihevitra ny Malagasy ho mora manadino

Mbola mihevitra ny Malagasy ho mora manadino foana izao fitondrana efa ifantohan'ny mason'izao tontolo izao. Mihevitra ihany koa fa tsy mahita ny fitantanana "manara-penitra" ataon'ny mpiara- milona ao anaty rano maloton'ny kolikoly sy fanaovana gaboraraka ny harem-pirenena ary ny fanaparam-pahefana ny mpiara- miombona'antoka rehetra avy any ivelany. Mirazotra amin'izao fotoana izao ny fanamarinan-tena sy fiheveran-tena ho sangany sy manam-pahaizana noho ny hafa ataon'ny filohan'ny Repoblika sy ny minisitry ny Serasera sy Kolontsaina. Tany Avaratry ny Nosy ny filohan'ny Repoblika tamin'iny herinandro lasa iny ary nametraka vato "fototra" (vato fehizoro angamba no tiana lazaina) tamin'ny fanamboarana ny Làlampirenena faha-6, mampitohy an'Ambanja sy Antsiranana. Ny mahavariana dia efa ho roa taona izao no nametrahany izany vato izany koa ny fanamboarana ny làlana mampitohy an'Ambilobe sy Vohemar, kanefa tsy mbola hita izay eo. Nikabary anefa ny filohan'ny Repoblika izao farany izao, fa "asa no hasetriny ny fanakianana"ataon'ny mpanohitra aminy. Naderadera ny fitaovana vaventy hanatanerahana ny asa. Miverimberina izany fanambarana izany, tsy indroa na intelo fa efa inteloambinifolo. Vita ny kianja manara-penitra eo Mahamasina, tsy hitondra vary iray lovia ho an'ny Malagasy anefa izany. Miverina ao an-tsaina ny fanambaran-dry zareo fony izy mpanohitra tamin'ny fitondran-Ravalomanana Marc hoe "ny làlana tsy azo hohanina" kanefa tamin'izany fotoana izany tsy sahirana tamin'ny fividianana ny zavatra ilainy andavanandro tahaka izao ny mponina manerana ny Nosy. Tsy mipetraka eto an-tany mihitsy ny tongotry ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, satria tsy ao an-tsainy mihitsy, angamba, fa eo amin'ny fitondrana izy, ka tsy mila manao akanjo miloko volomboasary tahaka ireny manao fampielezankevitra ireny. Notadiavian'ny olona nalatsaka ny ainy tamin'ny raharaha omena anarana "Apollo 21", izay sambon-danitra izay tsy tadidy intsony moa ny isany. Raharaha izay tsy hita izay tohiny amin'izao fotoana. Nahavita asa izao fitondrana izao, satria nolokoina volom-boasary ny toeram-pitsaboana sy sekoly ary tranom-panjakana talaky maso rehetra. Nahavita asa ihany koa fa nitokana ny "rocade" izay tetikasa efa nahazo famatsiam-bola tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina Hery. Rehefa atao ny tambatra dia ny hafa no namono ny voay, ka Rajoelina Andry sy ny mpiaradia aminy no te-hiseho miravaka ny vanginy. Nalaza tamin'iny herinandro iny ihany koa ny raharaha momba ny minisitry ny Serasera sy Kolontsaina. Miseho ho lasibatry ny tsy tia azy (ny mpanohitra indrindra indrindra) ity minisitra vehivavy ity, noho ny fandraisany andraikitra eo amin'ny fampandrosoana ny Firenena, hono, miaraka amin'ny filohan'ny Repoblika. Tsy hihemotra amin'izany tarigetrany izany hono izy na dia nalaim-baraka sy nanelezana izao hatsanga tsy aman'orana rehetra izao aza. Misy tranga tena azo anamarinana izany tsy fihemoran'ity minisitra ity izany tokoa ka hasongadina amin'izany ny namingavingany sy nikasihany tànana ny Mpitondra fivavahana teny amin'ny "Episcopa Antanimena" ny volana martsa 2009. Tsy mihemotra ihany koa ity minisitra ity, na dia fanaka malemy aza", amin'ny fitsabahany amin'ny asan'ny Holafitry ny Mpanao Gazety amin'ny fikarakarana ny fanavaozana ny karatry ny mpanao gazety, sy ny fanomanana ny fifidianana mpikambana vaovao ao amin'ny birao. Araka ny fantatra dia tsy afaka mitsabaka amin'ny asan'ny Holafitry ny Mpisolovava ny minisiteran'ny Fitsarana, torak'izany koa ny Holafitry ny Mpitsabo (Ordre des médecins), izay tsy misy idiran'ny Minisiteran'ny Fahasalamana ny raharaha anatiny. Tsy mahagaga anefa ity minisitry ny Serasera sy Kolontsaina ity, raha misalovana amin'ny andraikitry ny hafa, satria na ny fanontaniana napetraky ny mpanao gazety tamin'ny filohan'ny Repoblika aza dia izy no namaly azy nandritra ny fandaharana manokana tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray. Tsy mahagaga raha mitsabaka amin'ny raharaha tsy misy idirany ny mpiasan'ny haino aman-jerim-pirenena. Tsy mpiasan'ny minisitra ireo mpiasa ireo, fa mpiasam-bahoaka ary tsy tokony hiditra amin'ny raharahan'ny minisitra manokana any ivelany. Ny fitantanana ny raharahampanjakana dia tsy mitanila (neutre), fa efa mahazatra izao fitondrana izao ny manao ny tsy fanao ka tsy mahagaga intsony izay tranga rehetra, fa mifanohitra amin'ny fenitra ara-dalàna sady tsy mizotra amin'ny lojikam-piainana.

Andry Tsiavalona

NY TENY FIAINANA

"Dia tahaka izany no hatao amin'ny fahataperan'izao tontolo izao; hivoaka ny anjely ka hanavaka ny ratsy fanahy hisaraka amin'ny marina."

Matio 13:49

Andro iraisam-pirenena ho an'ny demokrasia

Dr Ketakandriana Rafitoson no ho vahinin'ny eTalk

Dr Ketakandriana Rafitoson.

Rahampitso alarobia 15 septambra no hankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny demokrasia maneran-tany, noho izay antony izay, mikarakara famelabelarana harahina ady hevitra: eTalk, ny Ambasadin'i Etazonia eto amintsika. Ho vahiny amin' izany fandaharana izany, Dr Ketakandriana Rafitoson. "Ny demokrasia, antoky ny fampandrosoana marolafy", no lohahevitry ny tafatafa mivantana hotarihin'i Dr Ketakandriana Rafitoson rahampitso alarobia 15 Septambra amin'ny 2 ora tolakandro io. Afaka mametraka fanontaniana mialoha ny rehetra, hozaraina amin'ny vahiny amin'io fotoana io mandritra ny fandaharana. Dr Ketakandriana Rafitoson dia mpikaroka eo amin'ny sehatry ny Siansa Politika, sady mpanetsika fiarahamonina eto Madagasikara. Tale mpanatanteraky ny Transparency International Initiative Madagascar, fikambanana miady amin'ny kolikoly, izay tafiditra ao anatin'ny hetsika Transparency International manerantany izy. Mampianatra momba ny Demokrasia sy ny Haitondra eny amin'ny Oniversite Katolika eto Madagasikara koa ny tenany ary mpikambana mavitrika anatina hetsik'olompirenena maro izy. Miara-miasa amina Oniversite sy Ivontoeram-pikarohana maro any Etazonia ary nisitraka ny International Visitor Leadership Program (IVLP) tamin'ny taona 2010, niompana tamin'ny lohahevitra hoe: "Demokrasia eny ifotony".

Isambilo

Demôkrasia

Tsy mbola mitoetra eto Madagasikara hatramin'izao

Hiteny inona momba ny demôkrasia indray ny fitondrana Rajoelina rahampitso ? Hamita-bahoaka fa hoe tany demôkratika i Madagasikara ? satria ambara indray hoe : efa misy solombavany ny vahoaka. « Tsy misy mahasolo vava ny vahoaka izany », hoy ny kolonely Kaddhafi, ao anaty boky maitsony, tamin'ny fotoan'andro nitondrany. Dia iaraha-mahita tsara ihany koa amin'izao fotoana izao, fa misy amin' ireo solombavambahoaka, indrindra avy amin' ireo antoko miara-dia amin'ny fitondrana, no hita mibaribary, fa tsy misolovava ny vahoaka, fa misolovava ny fitondrana. Misy aza toy ny mpisolo vava mpiaro fitondrana mihitsy. Mila mandini-tena lalina amin'ireny olona nofidiany ireny ny vahoaka ao amin'ny faritra iadidiany.

Tsy tany anjakan'ny demôkrasia i Madagasikara ao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao. Raha mbola misy olom-pirenena tampenam-bava tsy ho afaka miteny sy maneho hevitra eto; raha mbola tsy afaka miteny sy maneho ny heviny malalaka ny vahoaka; raha mbola misy ny famoretana sy ramatahora ataon' ny lazaina ho mpitandro filaminana alefan'ny fitondrana, na manampahefana amin'ireo vahoaka mikasa hidina an-dalambe, na amina kianja malalaka fidiany hanaovany hetsika; raha mbola misy fanakantsakanana sy fanenjehana mpanohitra, sns… dia tsy misy demôkrasia izany eto n'inona n'inona fanazavana, ary tsy tany demôkratika i Madagasikara. Famitaham-bahoaka sy fihatsarambelatsihy no ataon'ny fitondrana amin' izay resabe mampandry adrisa ataony momba izany. Aoka tsy hifamitaka eto na fitahina ny vahoaka, fa ampy izay. Mijery ny hakelin'ny tsangambato lazaina ho an'ny "Rain'ny demôkrasia" eny Ambohijatovo aza efa manahirana ny saina. Kely miohatra amin'ny sary vongan'i Hô Chi Min eny Ampefiloha, nefa firy amin'ny Malagasy no mahafantatra izany olona izany?

Ilay filoha DJ mpanao didy jadona.

Ny fampandrosoana ny firenena, ny fanandratana azy dia tsy amin'ny resaka toekarena fotsiny, fa amin'ny fampivoarana ny demôkrasia. Ny dikan' izany, miaina malalaka ilay vahoaka ary manana zo haneho hevitra sy miteny momba ny fiainana, sy ny fitantanana ny firenena. Ao anatin'izay, izy no tomponandraikitra ny amin'ny fireneny, ary izay no demôkrasia. Manampy amin'ny fivoaran-tsaina sy fijerena lavitra izany. Fa ankehitriny, efa hampahantraina ilay vahoaka ka atao izay hiasany saina amin'ny olam-piainany, no mbola iharan'ny tsindry amin'ny endriny samihafa sy geja ihany koa izy tsy hitraka hibanjina ny hoavin'ity firenena ity. Dia ho hita eo ny ataon'izao fitondrana izao indray rahampitso, izay andro iraisampirenena momba ny demôkrasia.

Sôh'son

TONONKALO

Fifantenana hafahafa !

Tsy fitiavana hitsikera , tsy fitiavana hanakiana,
Fa dia mahagaga ihany ny amin`iretsy nofidiana,
Tamin`ny olona an`arivony nolazaina ho "atidoha",
Ka afaka hiara-dalana , hanohy ny vinan`ny filoha !

Tena nisy vao voatendry dia efa maro mpitsikera,
Tan-gazety sy tanaty tambazotran-tserasera.
Ary indro fa naato sy nesorina avy hatrany.
Izany ve no nofantenana ? tsy fahita eran-tany !

Ilay tao amin`ny spaoro koa dia hoe nafindra toerana,
Ary dia nalefa indray ho amin`ny seha-pitaterana.
Nahazendana ny maro , izany ve dia mifandraika ?
Izany no manara-penitra sa dia tena tefy maika ?

Nisy koa ilay raikalahy tsy mahafehy ny tenindrazany.
(Ny miteny ny an`ny hafa no heveriny ho lazany!)
Dia ahoana no hahatokisana ny olona tahaka ireny
Fa hiaro izay lazaina ho tombontsoam-pireneny ?

Nisy koa ilay raikavavy mihevitra azy ho tsy azo alàna,
Na dia efa ratsy laza sy efa tena igagàna.
Manaratsy ny ao an-dapa ny faneno sy fitsaingony.
(Tsy ela akory ny anao vavy no indro voa hatramin`ny haingony !)

Ireo aloha no nosinganina ary izao no azo ambara:
Tena maizina ny sarin`ny filoha sy ny mapara.
Maro ireo tsy resy lahatra ny amin`ny olo-nofantenany,
Fa vao mainka ireo hihady izatsy fasana hilevenany !

TSIMIMALO (13-10-21)